Malagasy

# Simple Is the Doctrine of Jesus Christ

By President Henry B. Eyring
*Second Counselor in the First Presidency*

# Tsotra ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy

Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

October 2024 general conference

---

*I bear witness of the sacred work of teaching Heavenly Father's children the simple doctrine of Jesus Christ.*

All of us have family members we love who are being tempted and tried by the seemingly constant forces of Satan, the destroyer, who would make all God's children miserable. For many of us, there have been sleepless nights. We have tried to surround the people who are at risk with every force for good. We have pled in prayer for them. We have loved them. We have set the best example we could.

Alma, a wise prophet from ancient times, faced similar trials. The people he led and loved were frequently under attack by a ferocious enemy, yet they were still trying to rear righteous children in a world of wickedness. Alma felt his only hope of victory was a force which at times we underestimate and often use too little. He pled for God's help.

Alma knew that for God to help, repentance was required by those he led, as well as his adversaries. Thus, he opted for a different approach to battle.

The Book of Mormon describes it this way: "And now, as the preaching of the word had a great tendency tolead the people to do that which was just—yea, it had … more powerful effect upon the minds of the people than the sword, or anything else, which had happened unto them—therefore Alma thought it was expedient that

*Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny masina ny fampianarana an'ireo zanaky ny Ray any An-danitra ny fotopampianarana tsotra an'i Jesoa Kristy.*

Isika rehetra dia manana havan-tiana mandalo fakam-panahy sy fitsapana avy amin'ireo herin'i Satana izay toa tsy mitsaha-miasa. Eny i Satana, ilay mpandrava izay manao izay hampahory ny zanak' Andriamanitra rehetra. Ho an'ny ankamaroantsika dia tao ireo alina tsy nahitan-tory. Efa niezaka nanemitra ireo olona tandindomin-doza ho very tamin'ny herin'ny tsara rehetra isika. Nivavaka tamim-pitalahoana ho azy ireo isika. Notiavintsika izy ireo. Nampiseho ohatra tsara indrindra araka izay vitantsika isika.

I Almà, mpaminany fahiny iray, dia niatrika fitsapana nitovitovy tamin'izany. Matetika ireo olona notarihany sy tiany no notafihan'ny fahavalo lozabe iray kanefa mbola niezaka nanabe zanaka mpandala fahamarinana tao anatin'ny tontolo feno faharatsiana ihany izy ireo. Tsapan'i Almà fa ny hany fanantenany mba handresena dia ny hery iray izay misy fotoana mety hamaivanintsika ary matetika no zara raha ampiasaintsika. Nitalaho ny fanampian' Andriamanitra izy.

Fantatr'i Almà fa mba hanampian' Andriamanitra dia nila nibebaka ireo olona notarihiny mbamin'ireo fahavalony koa. Noho izany dia nisafidy fomba hoenti-miady iray hafa izy.

Toy izao no amariparitan'ny Bokin'i Môrmôna izany: "Ary ankehitriny, satria nanana fironana lehibe hitarika ny olona hanao izay marina ny fitorian-teny—eny, izany dia … nanana fiantraikany mahery kokoa tamin'ny sain'ny olona noho ny sabatra na ny zavatra hafa, izay efa nihatra taminy—noho izany dia noheverin'i Almà fa

they should try the virtue of the word of God."

The word of God is the doctrine taught by Jesus Christ and by His prophets. Alma knew that the words of doctrine had great power.

In the18th section of the Doctrine and Covenants, the Lord revealed the foundation of His doctrine:

"For, behold, I command all men everywhere to repent. …

"For, behold, the Lord your Redeemer suffered death in the flesh; wherefore he suffered the pain of all men, that all men might repent and come unto him.

"And he hath risen again from the dead, that he might bring all men unto him, on conditions of repentance."

"And you shall fall down and worship the Father in my name.

"… You must repent and be baptized, in the name of Jesus Christ."

"Ask the Father in my name in faith, believing that you shall receive, and you shall have the Holy Ghost."

"And now, after … you have received this, you must keep my commandments in all things."

"Take upon you the name of Christ, and speak the truth in soberness.

"And as many as repent and are baptized in my name, which is Jesus Christ, and endure to the end, the same shall be saved."

In those few passages, the Savior gives us the perfect example of how we should teach His doctrine. This doctrine is that faith in the Lord Jesus Christ, repentance, baptism, receiving the gift of the Holy Ghost, and enduring to the end blesses all of God's children.

As we teach these principles to those we love, the Holy Ghost will help us to know the truth. Because we need the promptings of the Holy Ghost, we must avoid speculation or personal interpretation that goes beyond teaching true doctrine.

That can be hard to do when you love the person you are trying to influence. He or she may

tsara ny hanandramin'izy ireo ny herin'ny tenin' Andriamanitra."

Ny tenin' Andriamanitra dia ilay fotopampianarana nampianaran'i Jesoa Kristy sy ny mpaminaniny. Fantatr'i Almà fa manana hery lehibe ny tenin'ny fotopampianarana.

Ao amin'nyFotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana faha-18, ny Tompo dia nanambara ny fototry ny fotopampianarany:

"Fa, indro, mandidy ny olon-drehetra Aho, na aiza na aiza izany, hibebaka. …

"Fa indro, ny Tompo Mpanavotra anao dia niaritra fahafatesana tamin'ny nofo; koa niaretany ny fangirifirian'ny olon-drehetra, mba hahazoan'ny olon-drehetra mibebaka sy manatona Azy.

"Ary efa nitsangana indray tamin'ny maty Izy, mba hahazoany mitondra ny olon-drehetra ho eo Aminy, raha tahiny ka mibebaka izy ireo."

"Ary handohalika ianareo ka hitsaoka ny Ray amin'ny anarako.

"… Tsy maintsy mibebaka ianareo ary atao batisa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy."

"Angataho amin'ny anarako ny Ray amin'ny finoana, rehefa mino fa handray ianareo, dia hanana ny Fanahy Masina ianareo."

"Ary ankehitriny, rehefa avy nandray izao ianareo dia tsy maintsy mitandrina ny didiko amin'ny zavatra rehetra."

"Ento eo aminareo ny anaran'i Kristy, ary lazao amin'ny fahononan-tena ny marina.

"Ary izay rehetra mibebaka sy atao batisa amin'ny anarako, dia i Jesoa Kristy, ary maharitra hatramin'ny farany dia izy no hovonjena."

Ao amin'ireo andinin-tsoratra masina vitsivitsy ireo ny Mpamonjy dia manome antsika ny ohatra tsara amin'ny fomba tokony hampianarantsika ny fotopampianarany. Io fotopampianarana io dia hoe ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ny fibebahana, ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany dia mitahy ny zanak' Andriamanitra rehetra.

Rehefa mampianatra ireo fitsipika ireo amin'ireo olona ankamamiantsika isika dia hanampy antsika hahafantatra ny marina ny Fanahy Masina. Noho isika mila ireo bitsiky ny Fanahy Masina dia tsy maintsy sorohintsika ny fanaovana tombantombana na ny fanehoana ny fahatakarantsika manokana izay mihoatra lavitra ny fampianarana ny fotopampianarana marina.

Mety ho sarotra ny manao izany rehefa tianao ilay olona ezahinao hotaomina. Mety

have ignored the doctrine that has been taught. It is tempting to try something new or sensational. But the Holy Ghost will reveal the spirit of truth only as we are cautious and careful not to go beyond teaching true doctrine. One of the surest ways to avoid even getting near false doctrine is to choose to be simple in our teaching. Safety is gained by that simplicity, and little is lost.

ho tsy niraharaha ilay fotopampianarana izay nampianarina izy. Tena maka fanahy ny hanandrana zavatra vaovao na mahatalanjona. Saingy tsy hanambara ny fanahin'ilay fahamarinana ny Fanahy Masina raha tsy rehefa malina sy mitandrina tsara isika mba tsy hihoatra lavitra ny fampianarana ny fotopampianarana marina. Iray amin'ireo fomba tena azo antoka indrindra hisorohana ny fanakaikezana ny fotopampianarana diso ny misafidy ny ho tsotra ao amin'ny fampianarantsika. Azo avy amin'izany fahatsorana izany ny fiarovana ary mihena ny tahan'ny fampianarana fotopampianaran-diso.

Teaching simply allows us to share the saving doctrine early on, while children remain untouched by the deceiver's temptations that will later confront them, long before the truths they need to learn are drowned out by the noise of social media, peers, and their own personal struggles. We should seize every opportunity to share the teachings of Jesus Christ with children. These teaching moments are precious and far fewer compared to the relentless efforts of opposing forces. For every hour spent instilling doctrine into a child's life, there are countless hours of opposition filled with messages and images that challenge or ignore those saving truths.

Ny fampianarana amin'ny fomba tsotra dia mamela antsika hizara mialoha ny fotopampianarana ho an'ny famonjena, raha iny mbola tsy voakasik'ireo fakam-panahin'ilay mpamitaka izay hatrehin'izy ireo iny ny ankizy; aloha lavitra ilay fotoana izay hahatonga ireo fahamarinana ilain'izy ireo hianarana ho tototry ny fandrebireben'ny tambajotran-tserasera sy ireo namana mitovy taona aminy ary ireo tolona atrehany manokana. Tokony hararaotintsika ny fotoana azo araraotina rehetra mba hizarana ireo fampianaran'i Jesoa Kristy amin'ny ankizy. Sarobidy ireny fotoana fampianarana ireny ary vitsy lavitra raha mitaha amin'ireo ezaka tsy an-kijanona ataon'ireo herin'ny fahavalo. Isaky ny ora iray hampidirana fotopampianarana eo amin'ny fiainan'ny ankizy iray dia misy ora tsy tambo isaina ahitana fanoherana izay feno hafatra sy sary mihantsy na tsy miraharaha ireo fahamarinana ho an'ny famonjena ireo.

Some of you may wonder whether it might be better to draw your children closer to you through having fun, or you may ask whether the child may start to feel overwhelmed by your teachings. Instead, we should consider, "With so little time and so few opportunities, what words of doctrine can I share that will strengthen them against the inevitable challenges to their faith?" The words you share today could be the ones they carry with them, and today will soon pass.

Mety hanontany tena ny sasany aminareo raha toa ka mety ho tsara kokoa ny mampanakaiky anareo ireo zanakareo amin'ny alalan'ny fialamboly na mety hanontany ianao hoe sao manomboka mahatsapa ho tototry ny fampianaranao ilay zaza. Ny tokony hosaintsainintsika anefa dia ny hoe: "Noho ny tena fahakelezan'ny fotoana ananana sy ny fahavitsian'ireo fahafahana azo araraotina, dia inona no fotopampianarana azoko zaraina izay hampatanjaka azy ireo manoloana ireo zavatra tsy azo ihodivirana izay manohintohina ny finoan'izy ireo?" Mety ho ireo teny zarainao anio no ireo izay hotsaroany, ary madiva hifarana ilay anio.

I have always admired my great-grandmother Mary Bommeli's devotion to sharing the doctrine of Jesus Christ. Her family was taught by missionaries in Switzerland when she was 24.

Mahavelom-piderana ahy foana ny fanolorantenan'i Mary Bommeli, izay renin'ny raibeko avy amin'ny raiko, teo amin'ny fizarana ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. Nampianaran'ny misiônera tany Suisse ny fianakaviany tamin'izy

After being baptized, Mary desired to join the Saints in America, so she made her way from Switzerland to Berlin and found work with a woman who employed her to weave cloth for the family's clothing. Mary lived in a servant's room and set up her loom in the home's living area.

At that time, teaching the doctrine of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints was illegal in Berlin. But Mary found she could not keep from sharing the things she had learned. The woman of the house and her friends would gather around the loom to hear Mary teach. She spoke of the appearance of Heavenly Father and Jesus Christ to Joseph Smith, the visitation of angels, and the Book of Mormon. Remembering the accounts of Alma, she taught about the doctrine of the Resurrection. She testified that families can be reunited in the celestial kingdom.

Mary's enthusiasm to share the doctrine of the restored gospel sooncaused trouble. It was not long before the police took Mary off to jail. On the way, she asked the policeman for the name of the judge she was to appear before the next morning. She also asked about his family and if he was a good father and husband. The policeman described the judge as a man of the world.

In the jail, Mary requested a pencil and some paper. She spent the night writing a letter to the judge, bearing witness to the Resurrection of Jesus Christ as described in the Book of Mormon, discussing the spirit world, and explaining repentance. She suggested that the judge would need time to reflect on his life before facing final judgment. She wrote that she knew he had much to repent of, much which would deeply sadden his family and bring him great sorrow. In the morning, when she had finished her letter, she gave it to the policeman and asked him to deliver it to the judge, and he agreed to do so.

24 taona.

Rehefa vita batisa i Mary dia naniry ny hanatevin-daharana ireo Olomasina tany Amerika izy, ka dia niala tao Suisse izy mba hankany Berlin ary nahita asa tao amin'ny vehivavy iray izay nampiasa azy mba hanenona lamba hanamboarana akanjo ho an'ilay fianakaviany. Nipetraka tao amin'ny efitrano iray ho an'ny mpiasa i Mary ary nanangana ny fanenoman-dambany tao amin'ny toerana fandraisam-bahinin'ilay trano.

Tamin'izany fotoana izany dia voararan'ny lalàna ny fampianarana ny fotopampianaran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tany Berlin. Saingy hitan'i Mary fa tsy hainy ny tsy hizara ireo zavatra nianarana. Nitangorona nanodidina ilay fanenoman-damba ilay ramatoa mpampiasa azy sy ireo namany mba hihaino an'i Mary mampianatra. Niresaka momba ny fisehoan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy tamin'i Joseph Smith sy ny famangian'ireo anjely ary momba ny Bokin'i Môrmôna izy. Tsaroany ny tantaran'i Almà ka nampianariny ny fotopampianaran'ny Fitsanganana amin'ny maty. Nijoro ho vavolombelona izy fa afaka ny ho tafaray indray any amin'ny fanjakana selestialy ny fianakaviana.

Tsy ela dia niteraka olana ny fientanentanan'i Mary tamin'ny fizarana ny fotopampianaran'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Tsy ela akory dia nosamborin'ny polisy i Mary ka nampidiriny am-ponja. Teny an-dalana dia nanontaniany an'ilay polisy ny anaran'ilay mpitsara izay hiresaka aminy ny ampitson'io. Nanontaniany ihany koa ny momba ny fianakaviany ary raha toa izy io ka ray sy vady mendrika. Olon'izao tontolo izao no namaritan'ilay polisy an'ilay mpitsara.

Tao am-ponja dia nangataka pensily sy taratasy i Mary. Nanoratra ho an'ilay mpitsara izy nandritra ny alina, nijoro ho vavolombelona ny amin'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty araka ny voalaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sy niresaka momba ny tontolon'ny fanahy ary nanazava momba ny fibebahana. Nanolo-kevitra izy fa mety hila fotoana ilay mpitsara mba hisaintsainana ny amin'ny fiainany mialoha ny hiatrehany ny fitsarana farany. Nanoratra i Mary hoe fantany fa nila nibebaka ny amin'ny zavatra maro ilay mpitsara ary ny ankamaroan'ny zavatra ilainy hibebahana dia hampalahelo mafy ny fianakaviany sy hitondra alahelo lehibe ho azy. Nony maraina, rehefa vitany ny fanoratana ny taratasiny, dia nomeny ilay polisy izany ary nangataka azy izy

Later, the policeman was summoned by the judge to his office. The letter Mary had written was irrefutable evidence that she was teaching the doctrine of the restored gospel and, by so doing, breaking the law. However, it wasn't long before the policeman returned to Mary's cell. He told her that all charges were dismissed and that she was free to go. Her teaching the doctrine of the restored gospel of Jesus Christ had caused her to be cast into jail. And her declaring the doctrine of repentance to the judge got her cast out of jail.

mba hanatitra izany any amin'ilay mpitsara, ary nanaiky ny hanao izany ilay polisy.

Avy eo dia nantsoin'ilay mpitsara tany amin'ny biraony ilay polisy. Ilay taratasy nosoratan'i Mary dia porofo tsy azo lavina fa nampianatra ny fotopampianaran'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izy ka dia nandika lalàna izy tamin'ny fanaovana izany. Kanefa vetivety dia niverina tao amin'ny efitrano nigadran'i Mary ilay polisy. Nolazainy taminy fa foana ny fiampangana azy rehetra ary afaka mandeha izy. Ny fampianarany ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny no nahatonga azy hiditra am-ponja. Ary ny fanambarany ny fotopampianaran'ny fibebahana tamin'ilay mpitsara no nahatonga azy ho tafavoaka ny fonja.

Mary Bommeli's teaching did not end with her release. The record of her words passed true doctrine down through generations yet unborn. Her belief that even a new convert could teach the doctrine of Jesus Christ has ensured that her descendants will be strengthened in their own battles.

Tsy tapitra hatreo amin'ny famotsorana an'i Mary Bommeli ny fampianarana nataony. Nampita fotopampianarana marina tamin'ireo taranany nifandimby na dia ireo mbola tsy teraka aza ny rakitsoratra nirakitra ireo teniny. Ny finoany fa na dia ny olona vao niova fo iray aza dia afaka mampianatra ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy dia nanome antoka fa ireo taranany dia hatanjahina ao anatin'ireo tolona atrehan'izy ireo manokana.

As we do our best to teach those we love about the doctrine of Jesus Christ, some may still not respond. Doubts may creep into your mind. You might question whether you know the Savior's doctrine well enough to teach it effectively. And if you've already made attempts to teach it, you may wonder why the positive effects aren't more visible. Don't give in to those doubts. Turn to God for help.

Rehefa manao izay tsara indrindra vitantsika isika hampianarana ireo olona tiantsika momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mety tsy hiraika ny olona sasany. Mety hanomboka hisalasala ianao. Mety hanontany tena ianao raha ampy ny fahafantaranao ny fotopampianaran'ny Mpamonjy hoenti-mampianatra izany amim-pahombiazana. Ary raha efa nanandrana ny nampianatra izany ianao dia mety hanontany tena hoe nahoana ianao no tsy mahita ireo vokatra tsara naterak'izany. Tohero ireo fisalasalana ireo. Mangataha fanampiana amin' Andriamanitra.

"Yea, and cry unto God for all thy support; … let the affections of thy heart be placed upon the Lord forever."

"And now I would that ye should be humble, and be submissive and gentle; easy to be entreated; full of patience and long-suffering; being temperate in all things; being diligent in keeping the commandments of God at all times; asking for whatsoever things ye stand in need, both spiritual and temporal; always returning thanks unto God for whatsoever things ye do receive."

"Eny, ary italahoy Andrimanitra ho an'ny fivelomanao rehetra; … aoka ny fitiavan'ny fonao hapetraka amin'ny Tompo mandrakizay."

"Ary ankehitriny dia mba tiako ianareo hanetry tena sy hanoa ary ho malemy fanahy; mora hihavanana; feno faharetana sy fahari-po; mahonom-po amin'ny zava-drehetra; mazoto amin'ny fitandremana ny didin' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra; mangataka izay zavatra rehetra ilainareo, na ara-panahy na ara-nofo; mamaly saotra an' Andriamanitra mandrakariva amin'izay zavatra rehetra raisinareo."

If you pray, if you talk to God, and if you

Raha mivavaka ianao, raha miresaka amin'

plead for His help for your loved one, and if you thank Him not only for help but for the patience and gentleness that come from not receiving all you desire right away or perhaps ever, then I promise you that you will draw closer to Him. You will become diligent and long-suffering. And then you can know that you have done all that you can to help those you love and those you pray for navigate through Satan's attempt to derail them.

"But they that wait upon the Lord shall renew their strength; they shall mount up with wings as eagles; they shall run, and not be weary; and they shall walk, and not faint."

You can find hope in the scriptural record of families. We read of those who turned away from what they were taught or who were wrestling with God for forgiveness, such as Alma the Younger, the sons of Mosiah, and Enos. In their moments of crisis, they remembered the words of their parents, words of the doctrine of Jesus Christ. Remembering saved them. Your teaching of that sacred doctrine will be remembered.

I bear witness of the sacred work of teaching Heavenly Father's children the simple doctrine of Jesus Christ, which allows us to be spiritually-cleansed and ultimately be welcomed into God's presence, to live with Him and His Son in glory forever in families. In the name of Jesus Christ, amen.

Andriamanitra ianao sy raha mitalaho ny fanampiany ho an'ireo olona akaikin'ny fonao ianao ary raha misaotra Azy tsy noho ny fanampiana ihany fa noho ny faharetana sy ny hatsaram-panahy nateraky ny tsy fahazoana avy hatrany na ny tsy fahazoana velively ny zava-drehetra nirinao ianao, dia mampanantena anao aho fa ho lasa akaiky kokoa Azy ianao. Ho lasa mazoto sy mahari-po ianao. Avy eo ianao dia afaka ny hahafantatra fa nanao ny zava-drehetra azonao natao ianao mba hanampiana ireo olona akaikin'ny fonao sy ireo izay nentinao am-bavaka mba hiatrika ny fiezahan'i Satana hamily lalana azy ireo.

"Fa izay miandry [ny Tompo] dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; Handeha izy, nefa tsy ho reraka."

Afaka mahita fanantenana ianao ao anatin'ireo tantaran'ireo fianakaviana ao amin'ny soratra masina. Mamaky ny momba ireo izay nandà ny zavatra nampianarina azy isika na ireo izay nitolona mafy tamin' Andriamanitra mba hahazoana famelan-keloka, toa an'i Almà Zanany sy ireo zanakalahin'i Môzià ary i Enôsa. Tao anatin'ireo fotoan-tsarotra nolalovany izy ireo no nahatsiarovany ireo tenin-dray aman-dreniny, ireo tenin'ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. Namonjy azy ireo ny fahatsiarovana. Hotsaroana ny fampianaranao izany fotopampianarana masina izany.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny maha-asa masina ny fampianarana an'ireo zanaky ny Ray any An-danitra ny fotopampianarana tsotra an'i Jesoa Kristy izay mamela antsika ho voadio ara-panahy sy ho tonga soa aman-tsara eo anatrehan' Andriamanitra amin'ny farany, mba hiara-hiaina Aminy sy ny Zanany amim-boninanitra mandrakizay miaraka amin'ny fianakaviana. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.